



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

“Fa tsy menatra ny filazantsara aho; fa herin’Andriamanitra ho famonjena izay rehetra mino izany,”
(Romana 1, 16)

NY FILAZANTSARA MAMPANDROSO NY OLONA AMIN’NY FITIAVANA SY NY ASA TSARA

LIOKA 19

- 1 Ary Jesosy nuditra ka nandeha namaky an'i Jeriko.
- 2 Ary, indro, nisy lehilahy atao hoe Zakaiosy, izay lehiben'ny mpamory heta sady nanan-karena.
- 3 Ary nitady hahita izay Jesoa izy, kanefa tsy afaka noho ny habetsahan'ny olona nifanety, satria fohy izy.
- 4 Dia nihazakazaka nialoha izy ka nananika aviavy hizaha an'i Jesosy; fa efa handalo tamin'izany lalana izany Izy.
- 5 Ary rehefa tonga teo Jesosy, dia niandrandra ka nanao taminy hoe: ry Zakaiosy, midina faingana; fa tsy mantsy mitoetra ao an-tranonao Aho anio.
- 6 Dia nidina faingana izy ka nampiantrano Azy sady faly.
- 7 Ary raha nahita izany izy rehetra, dia nimonomonona ka nanao hoe: lasa nandeha hiantrano amin’izay lehilahy mpanota Izy.
- 8 Fa Zakaiosy kosa nitsangana ka nanao tamin’ny Tompo hoe: indro, Tompoko, ny antsasaky ny fananako omeko ho an’ny malahelo; ary raha misy zavatr’olona nalaiko tamin’ny fanambakana, dia honerako avy efatra heny izany.
- 9 Ary hoy Jesosy taminy: anio no tonga eto amin’ity trano ity ny famonjena, fa izy dia zanak’i Abrahama koa.
- 10 Fa efa tonga ny Zanak’olona hitady sy hamonjy ny very.

Petrakolana (problématique)

Avy aiza ny famonjena ny olona? Inona no tokony hatao mba ho voavonjy ny tena?

Amin’ny fitadiavana an’Andriamanitra ve? Amin’ny fihoarana ny fetran’ny tena ve? Noho ny fiavahana amin’ny mpanota ve? Amin’ny fiovam-pitondrantenan’ny olona ve? Satria avy amin’ny taranaka mpino an’Andriamanitra aho ve dia naman’ny voavonjy ihany koa?

Taridàlana (préface)

➤ Filazantsara araka an'i Lioka:

“mampahafantatra ny mino fa mafy orina tsara ny fanambarana momba an'i Jesoa Kristy mba hankalazana an'Andriamanitra isan'andro” (1, 4 / 24, 53)

➤ Toerana misy ny teksta dinihina

18, 35-43	19, 1-10	19, 11-28
Ny nampahiratan'i Jesoa ny mason'ilay jamba	Jesoa Kristy mitady sy mamonjy ny very	Ny fampitomboana ny talenta nomen'Andriamanitra

➤ Toerana nitrangan'ny tantara:

Tsy kisendrasendra ny filazana ny anaran'ny tanàna nidiran'i Jesoa eo am-panombohana ny perikopa: Jeriko. Mampahatsiaro ny fidiran'ny vahoakan'Andriamanitra tao amin'ny tany fampanantenana izany (“terre promise”, Josoa 6, 2). Nisy ny fandrodanana ny mandan'i Jeriko izay nahafahan'ny vahoaka niditra tao an-tanana (Hebreo 11, 30).

Jesoa Kristy izay niditra ka nandeha namaky ny tananan'i Jeriko eto, dia manondro ny famonjen'Andriamanitra ny olona amin'ny alàlany sy ao Aminy ary miaraka Aminy. Inona no manda mila arodana eo amin'izay misy antsika mba hidiran'ny fahasoavan'i Tompo?

(ny tany fampanantenana ho an'ny mino dia tsy ny tany kanana intsony fa ny lanitra vaovao sy ny tany vaovao avy any an-danitra: jereo, Apokalipsy 21, 1 / 2 Petera 3, 13 / Isaia 65, 17)

Hevi-panahy raketin'ny teny mikasika ny famonjena (méditation concernant le salut)

➤ Ezaka ataoñ'ny olona hahazoam-pamonjena

Misy sokajin'olona anankiroa, hita eto, izay manodidina an'i Jesoa: Zakaiosy an-kilany ary ny “mpimonomonona” etsy an-daniny.

Zakaiosy

ny hevitry ny anarana dia hoe “tsy manan-tsiny” (innocent). Mifanohitra amin'izany anarana entiny izany anefa ny fiainany manontolo.

Ny adidy aman'andraikitra tanan'ny olona, miampy ny toeram-boninahitra misy azy eo amin'ny fiarhamonina, dia fahasoavana manokana ho azy ka tokony hisaorany an'Andriamanitra indrindra aza. Ny olana mipetraka dia ny fomba nahazoany izany.

Voalaza eto fa tamin'ny fanambakana ny mpiara-belona aminy no nahazoan'i Zakaiosy ny hareny. Azo neverina ho nampiasainy mihitsy aza ny toeram-boninahiny ka nahafahany nanatanteraka ny asa ratsiny (kolikoly –“corruption”).

Misy adim-panahy lalina ao anatin'ny olombelona (nohariana araka ny endrik'Andriamanitra izy, Genesisy 1, 26) satria ao aminy ny fikasana hanao ny tsara kanefa ny fiainany sy ny asany dia matetika mandà ny fanatanterahana izany.

Ny bokin'ny Genesisy dia manazava ny fananan'ny olona fieritreretana (conscience) izay mitarik'azy hanapakevitra sy hanatanteraka izay safidiny manokana (3, 7-8: natahotra i Adama sy Eva ka tsy sahy nanatrika an'Andriamanitra taorian'ny fahotany. 4, 5-7: nialona an'ny rahalahiny i Kaina talohan'ny namonoany azy).

Ny teny hoe, “corruption” (kolikoly), dia ahitana ny teny hoe “rupture” (fisarahana). Ny fisarahan’ny olona amin’Andriamanitra, izay antsoina hoe fahotana (Isaia 59, 2), no fototry ny fahasimban’ny olombelona (corruption de l’être humain) ka mahatonga azy ho tafasaraka ihany koa amin’ny hafa (jereo ny nidiran’ny fahotana tao amin’ny olombelona sy ny vokatr’izany teo aminy sy teo amin’ny manodidin’azy, Genesisy 3).

“Mpimonomonona”

Miverina in-28 ny teny mikasika ny “fimonomononana” ao amin’ny Testamenta taloha sy ao amin’ny Testamenta vaovao. Rehefa tsy mahazo fahafaham-po amin’izay fiheverany manokana sy ny filàny ny olona na ny vahoaka dia mimonomonona na mingononganona izy (Nomery 17, 6 / Jona 4, 1 / Jaona 6, 61). Vokatr’izany, dia toetra feno hatezerana sy hasosorana no asehon’ny mpimonomonona. Tsy mahazo vahana eo aminy ny fihainoana ny feon’i Tompo (Salamo 106, 25). Moa tsy izany indrindra no ilazan’i Jesoa an’ireo izay tsy vonona handray ny fampianarany satriaefa manana izay mandrafitr’azy manokana izy ireo: “mandre fa tsy mihaino, na mahalala” (Matio 13, 13)?

Ohatra amin’izany ireto olona fantatra amin’ny fihanteherany amin’ny lalàna eo amin’ny fiangonana. Mijanona ho mari-pisehoan’ny fifandraisany amin’Andriamanitra ihany anefa izany mba ho hitan’ny olona ety ivelany izy fa mpanara-dalàna (and. 7).

Fanomezana avy amin’Andriamanitra ny lalàna (Ampitahao, Matio 19, 11). Kanefa dia mampahafantatra ny olona ny fahotany izy fa tsy manampy ny olona hiala amin’izany akory (Romana 7, 5-6). Mitarika ny olona ho amin’ny fitsarana ivelany sy ny fihatsarambelatsihy ny fanarahan-dalàna ka mahatonga fisaratsarahana eo amin’ny fiarhamonina (exclusivisme). Ny Filazantsara kosa dia misokatra mivantana ho an’ny olona rehetra tsy misy ankanavaka (inclusivisme).

Ireto ny toetra efatry ny fahotana:

- ✓ Tsy finoana an’i Jesoa
- ✓ Tsi-fahamarinana
- ✓ Fitiavantena
- ✓ Fikomiana

➤ Ny Filazantsara: ezaka ataon’Andriamanitra mba hahazoan’ny olona ny famonjena

Andriamanitra sakaizan’ny mpanota

Tian’Andriamanitra ny mpanota saingy halany kosa ny fahotana. Tian’i Tompo ny mpanota, izany hoe, asehon’Andriamanitra azy ny fitiavany mba handraisany ny asam-pamonjena nataony ho azy (Jaona 3, 16). Nireharehan’ny mpanompon’Andriamanitra izany fahasoavan’Andriamanitra ho azy manokana izany (1 Timoty 1, 15).

Tokantrano nidiram-pahasoavana

Asan'i Jesoa Kristy ho an'izay mampiantrano Azy izany. Saronan'i Tompo amin'ny famindrampony ny mpanota ka na dia meloka araka ny lalàna aza izy dia atsangany kosa ho tonga olona madio tsy misy pentimpetina. Miafina ao amin'i Kristy ny fiaianany (Kolosiana 3, 3), satria mitafy an'i Kristy izy (Galatiana 3, 27). Mandray ny vokatry ny asan'i Jesoa Kristy izay mandray Azy (ny mino): "Raha hiseho Kristy fiainantsika, dia hiara-miseho aminy koa amin'ny voninahitra ianareo" (Kolosiana 3, 4).

Andriamanitra miantso amin'ny anaran'ilay olona.

Fantatry ny Tompo ny maha-izy-azy antsika tsirairay avy ary tsy misy miafina eo anatrehany izany (Isaia 43, 1). Manomboka eo amin'ny fiantsoan'Andriamanitra ny anaran'ny olona ny fikasany hiombom-piainana aminy (Genesisy 3, 9 / 12 / Eksodosy 3, 4 / Asa 9, 4).

Fanavaozana sy fihavaozan'ny mino

Fanavaozana: asan'Andriamanitra ao amin'izay mandray Azy izany.

Mandrava ny efitra mampisaraka ny olona Aminy no nihavian'i Jesoa tety an-tany. Manarina ny olona noho ny fahasimbàn'ny ota Izy (de la corruption à la restauration intégrale de l'être). Manafoana ny tenany Andriamanitra amin'izany mba hankanesany any amin'ny olona (décentrement ou "kénose", jereo: Filipiana 2, 6-7)

Fihavaozana: asan'ny olona nandray ny fanavaozan'Andriamanitra izany.

Mifindra amin'ny mino ny "kénose"-n'Andriamanitra (Filipiana 2, 1-5). Mamoa voa miendrika ny fibebahana ny mino amin'izany: fahamarinana, fahitsiana, fampandrosoana (mission intégrale). Fihoaran'ny tenany amin'ny fietreny fa tsy amin'ny fananihana ataony noho ny herin'ny tenany na noho ny fahefana ananany akory.

Toy izao ny fampianaran'i Lotera momba ny didy folo. Raisina ohatra, ny didy hoe "aza mangalatra". Ny hevitr'izany dia, "tsy maka ny zavatry ny hafa izay tsy nahazoana alàlana taminy no sady manao izay hampandroso ny fiveloman'ilay olona ka ivelaran'ny maha olona azy" (jereo, Petit Catéchisme).

Zakaiosy nitsangana

Herin'ny Filazantsara ny mampitsangana ny olona mba hijoroany amin'ny maha-olobelona azy (vocation de l'homme). Miseho izany amin'ny fanekena ataony ampahibemaso ary azo tsapain-tanana amin'izay lazainy sy tanterahiny.

Fampiharana (application)

- Mikatsaka ny tavan'Andriamanitra amin'ny herin'ny tenany samirery ny olona (jereo, “religion, religiosité”). Mampiasa izay fomba rehetra eo am-pelantanany izy amin’izany mba hahafahany mihoatra ny fetrany (ampitahao Genesisy 3, 7). Tsy tanteraka anefa ny fihaonany amin’i Tompo raha tsy Izy Tompo mihitsy no miantso azy ka manambara ny tenany aminy (ampitahao, Genesisy 3, 21) .
 Eto amin’ny andininy fahadimy sy fahenina no hahatakarana ny ivon’ny famonjena. Andriamanitra aloha no mahita ka miantso ny olona amin’izany (and. 5), avy eo, mandray izany antsom-pahasoavana izany ny olona ka manapa-kevitra hanetry tena izy mba hahafahan’i Tompo miditra eo amin’ny fiaiany (and. 6). Ny finoana àry dia fanekena ny fahamarinan’ny Tenin’Andriamanitra: “Tsy maintsy...”. Porofon’izany ny fifalian’ny mino izay vokatry ny fandraisany ny Tenin’i Tompo ho an’ny tenany (grika, “Xara” –joie, izay iray fototra amin’ny hoe “Xaris” –grâce, nihavian’ny hoe “charismatique” na fanomezam-pahasoavana samihafa – 1 Korintiana 12 sy 13).
 Vokatry ny asan’ny Fanahy Masina ao amin’ny olona izay nanaiky hiasan’Andriamanitra ny fifalian’ny mpanompony (Galatiana 5, 22). Tsikaritra araka izany ny fitiavana sy ny asa tsara tanterahin’ny mino fa vokatry ny fifaliany tokoa izany ka amporisihina ny mino mba ho faly mandrakariva izy (Filipiana 4, 4 / 2 Korintiana 9, 7). Mampieritreritra antsika ny fanontanian’Andriamanitra an’i Kaina manao hoe, “nahoana no manjombona ny tarehinao? Raha tsara toetra ianao, moa tsy ho miramirana va?” (Genesisy 4, 6-7).
- Tsy ny anarana isalorana na ny taranaka nihaviana velively no mahatonga ny tsirairay ho isan’ny olom-bonjena. Satria ny finoana an’i Jesoa Kristy irery ihany no hahazoam-pamonjena (Jaona 3, 16). Nolazaina fa i Abrahama no rain’ny finoana (Romana 4, 16). Koa ny mino rehetra no ambara fa taranak’i Abrahama (and. 9).
- Avoitra mba hiharihary tsara eto am-pamaranana ny filazana ny anaran’i Jesoa hoe, Zanak’olona (and. 10). Misy heviny anankiroa raisina eto:
 Ankilany, manambara ny fahefam-pitsaran’i Tompo izany (Daniela 7, 13 / Apokalipsy 14, 14), ka hamoahany ny tenim-pahefana izay manankery avy hatrany hoe, “anio” fa tsy rahatrizay akory.
 Andaniny, milaza ny fahatongavan’Andriamanitra ho nofo ny hoe, Zanak’olona. Izany no antony ankalazantsika ny krismasy. “Tsy maintsy” nanao izany ny Tompo mba ho famonjena ny olona (Lioka 2, 31 / 24, 7).
 Isika mino rehetra no ampiasain’i Tompo ankehitriny mba hitady sy hamonyj izay lavitra an’Andriamanitra. “Tsy maintsy” manao izany isika ary tena vainedohan-draharahan’ny Fiagonana izany satria io no antompisiany (mission principale de l’Eglise car c’est le sens de son existence). Nahazo fahefana isika hitory ny famonjen’Andriamanitra ho an’ny olona rehetra amin’ny alàlan’i Jesoa Kristy ka tsy ho ketraka amin’izany fa mba ho feno fifaliana kosa! Mahereza àry satria momba antsika rehetra ny Tompo!

Grenoble, faha-14 desambra 2016
 Mpitandrina, RAMAHERIJAONA Jean-Teddy